

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mifidy ny Fahasoavana

Ny rantsambatako, ireo faritry ny vatako, dia fitaovam-pahamarinana, natolotra an'Andriamanitra ho amin'ny fanompoana Azy sy ho voninahiny.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

> "Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra." (Romana 12:1)

Fanontaniana ny fametrahana ny sitrapontsika, avy eo ny fileferana — araka izany filaharana izany. Raha tsy ataontsika, izany, amin'ny fahazarana, dia hilefitra ny sitra-pontsika amin'ny zavatra tsy mety. Tsy maintsy atsahatra ny fanolorantsika ny tenantsika, ny momba ny tenantsika, ho amin’ny fahotana. Fony mbola tsy mpino isika, dia nanao izany nandritra ny fotoana ela. Saingy tsy maintsy mijanona isika ary milaza hoe: "Izao no fiafaran'izany!" Rehefa mampilefitra ny sitrapontsika ho an’Andriamanitra isika, dia tsy mila mampilefitra ny rantsam-batantsika amin’i Satana.

> "Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo; fa tsy mba ambanin’ny lalàna hianareo, fa ambanin’ny fahasoavana." (Romana 6:14)

Ny fiantraikan'io fanambarana io dia lavitra. Nilaza i Paoly fa tsy ambanin’ny lalàna isika fa ambanin’ny fahasoavana. Na ny ankilany na ny andaniny — tsy afaka miaraka izy roa. Raha ambanin’ny lalàna isika, dia tsy ambanin’ny fahasoavana. Raha eo ambanin’ny fahasoavana isika, dia tsy ambanin’ny lalàna.

Ankoatran’ izany, dia nilaza i Paoly fa tsy hanan-kery amintsika ny ota, satria tsy ambanin’ny lalàna isika. Ny vokatr’izany dia ny hoe raha eo ambanin’ny lalàna isika, dia tsy hanan-kery amintsika ny ota. Manafintohina olona maro izany fanambarana izany, nefa izany no lazain’ny Baiboly tsy tapaka.

Tsy voafehin'ny fitsipika maromaro isika. Lasa zanak’Andriamanitra isika, ary mankatò Azy satria tia Azy. Manomboka izao, ny fitiavana, fa tsy ny tahotra, no antony manosika antsika hankatò. Andriamanitra tsy manao antsika ho andevo; ny Lalàna no manao izany. Andriamanitra dia manao antsika ho Zanany lahy sy ho Zanany vavy. Tsy

© 2008 - Dries Du Plessis

maintsy misafidy na Lalàna na ny fahasoavan’Andriamanitra isika.

Misaotra Anao, Jesosy ô , noho ny amin’ny Fandresenao teo amin’ny hazo fijaliana. Mifidy ny fahasoavana aho ary mampilefitra ny sitrapoko ho an’Andriamanitra, manambara fa ny momba ny tenako, ny rantsam-batako, dia fitaovan'ny fahamarinana, milefitra ho an'Andriamanitra ho amin'ny Andraikiny sy ho Voninahiny, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-068-MLG
Nohavaozina farany: 05 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

